

10 MAY 2010.

26 Iyar 5770.

Tsotra ny lalàn'Andriamanitra.

« *Izao no didiko, dia ny mba hifankatiavanareo tahaka ny nitiavako anareo.* » (Jaona 15:12)

Tsotra ny lalàn'Andriamanitra. ary mora raisina. Misy olona miavonavon-kevitra ka tsy mino afa tsy izay azony porofoina. Hadinony fa ny ain'olombelona sy ny zava-boahary maneho ny herin'ny lanitra dia feno zava-miafina izay tsy hain'ny filozofia sy ny fikarohana na dia mivelatra indrindra aza ho hazavaina. Ny momba ny lalàn'Andriamanitra kosa dia tsy misy zava-miafina. Ireo fahamarinana lehibe ao anatiny dia azo fantarina daholo. Ireo izay votsa saina sy ireo tsy nahita fianarana koa dia afaka mampifanaraka ny fiainany sy ny toepanahiny eo amin'io fitsipiky ny lanitra io. Raha te hitandrana io lalàna io ampahafenoany ny zanak'olombelona dia hahazo hery ara-panahy sy fahafahana mijery lavitra ny drafitra sy planin'Andriamanitra ho an'ny fiainany hatrany hatrany. Hitohy io fandrosoana io tsy eto amin'ity fiainana ity ihany fa hatrany amin'ny mandrakizay, ary tsy hijanona fa hatramin'ny farany lavitra hahafahantsika mahafantatra ny fahendrena sy ny herin'Andriamanitra; ny tsiefa dia ho eo anoloantsika. Mangataka antsika ho tia an'Andriamanitra ambonin'ny zavatra rehetra sy ho tia ny namantsika tahaka antsika ny lalàn' ny lanitra. Eo amin'izay tsy ahitana io fitiavana io, ny fanambarana finoana faran'izay ambony dia tsy misy hafa tsy fiatsarambelatsihy. « *Tiava an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra ary ny sainao rehetra ,izany no didy lehibe sady voalohany. Ary ny faharoa, izay tahaka azy ihany, dia izao: Tiava ny namanao tahaka ny tenanao .Izany didy roa izany no ihantonan'ny lalàna rehetra sy ny mpaminany.* » hoy Kristy (Matio 22: 37-40)

Mitaky fankatoavana feno ny lalàna. « *Fa na iza na iza mitandrana ny lalàna rehetra, nefa diso amin'ny iray loha dia meloka amin'izy rehetra.* » (Jakoba 2:10) . Tsy misy amin'ireo lalàna ireo azo dikaina ka tsy mahatonga fivadiam-pitokisana amin'ny fiandrianan' ilay Andriamanitra ny lanitra. Fiviliana kely monja amin'ny fitakiany, na fanahy iniana na noho ny tsy fitandremana dia midika hoe fahotàna, ary rehefa fahotàna dia mampihanjanja ny mpanota amin'ny fahtezeran'Andriamanitra. Ny fankatoavana no fepetra tokana notakiana tamin'ny Israely taloha mba hahatanteraka ny fampanantenana izay miantoka ny tombotsoa natokana ho an'ny vahoakan'Andriamanitra. Io fankatoavana io koa ankehitriny no hitondra fitahiana be dia be ho an'ny tsirairay sy ny firenena, fitahiana sahala amin'izay tokony ho azon'ny hebreo.

Ny fankatoavana ny lalàna dia zava-dehibe amin'ny famonjena tsy ho antsika fotsiny fa ho an'ny izay manodidina antsika koa.« *Be fiadanana izay tia ny lalànao, Ary tsy misy mahatafintohina azy.* » (Salamo 119 :165) hoy ny teny azo tamin'ny tsindrimandry. Ary indro ity olona, ilay zava-boahary voafetra, dia mampiseho amin'izao tontolo izao fa io lalàna masina, marina sady tsara io, ilay lalànan'ny fahalalahana izay nampifanarahan'ny Mpamorona amin'ny filàn'ny olona; ho tahaka ny fanadevozana tsy zakan'iza n'iza ho lanjaina. Kanefa amin'ny mpanota dia vesatra manahirana tokoa izany satria ny mpandika lalàna dia tsy hahita ny hatsaràn'ny fotopotopitsipika ao anatiny. Ny filàn'ny nofo mantsy dia tsy manaiky hofeheziny ny lalàn'Andriamanitra , sady tsy hainy akory izany (Romana 8: 7)

«*Fa ny lalàna no ahazoana ny fahalalana marina ny amin'ny ota.*» (Romana 3:20) « *Izay rehetra manota no mandika ny lalàna; fa ny ota no fandikana ny lalàna* » (1 Jaona 3 : 4.) Ny lalàna no mampiaiky fahotàna ny olona. Tokony hahatsapa fa mpanota izy, hianjahanjan'ny fahatezeran 'ny lanitra alohan'ny hahatongavany saina fa mila Mpamonjy. Ezahan'i Satàna mandrakariva ny hanala ao antsain'ny olona fa zava-doza ny fahotàna. Ireo izay manitsakitsaka ny lalàn'Andriamanitra dia manantanteraka ny asan'ilay mpamitaka lehibe; tsipahiny mantsy ny hany fomba tokana mamaritra ny fahotàna sy manelingelina ny feon'ny fieritreretana ny mpandika lalàna.

Ellen G. White *The Signs of the Times*, 15 avril 1886

